Ho avy ny solontenan'orinasa frantsay voalohany karakarain'ny MEDEF International nandritra ny 14 taona mahery izay.

Orinasa frantsay 30 (36 olona) no handrafitra ity iraka karakarain'ny MEDEF International ity izay hivahiny eto Madagasikara ny 7 ka hatramin'ny 9 Oktobra 2019 ho avy izao . Ny orinasa frantsay dia mitady zavatra azo atao ho fampiasam-bola sy fiaraha-miasa maharitra eto Madagasikara.

Andriamatoa Momar NGUER, Filohan'ny komity Afrika ny MEDEF International sy Tale jeneraly ny Haivarotra & Serivisy , mpikambana ao amin'ny Komity Mpanatanteraka ny vondrom-barotra Total, ary Andriamatoa Patrick MARTIN, prezida misolon-tena ny MEDEF no hitarika ny delegasionina . Izany no tontosa dia noho ny fanohanan'ny ambasady frantsay eto Madagasikara. Misolo tena karazana sehatra maro ireo orinasa ireo : famokarana angovo sy famatsiana angovo sy angovo azo havaozina, serivisy an-tanàn-dehibe, foto-drafitrasa sy fitaterana, BTP sy fananganana, nomerika sy fifandraisan-davitra, fizahantany, fahasalamana ary koa serivisy ara-bola.

Mandritra ity fitsidihana maharitra telo andro ity, dia hihaona amin'ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Andriamatoa Andry RAJOELINA ity irakin'ny Medef International ity, volana vitsivitsy taorian'ny fitsidihana nataony tany Parisy niaraka tamin'ireo manampahefana ambony indrindra eto amin'ny firenena ny volana may 2019 lasa teo.

Ao anatin'ny fandaharan'izy ireo ny fihaonana amin'ireo mpamatsy vola roa lafy sy marolafy ary koa ny fivoriambe iadin-kevitra momba ny fandraharahana karakarain'ny Vondron'ny Mpandraharaha Malagasy (GEM) izay mitovy andraikitra sy mpiara-miasa amin'ny MEDEF.

Hitsidika toerana indostrialy maro izy ireo ahafahana miresaka momba ny zavatra goavana azo atao sy ny fanamby atrehan'ny firenena.

Herinandro vitsivitsy taorian'ny naha voafidy azy, dia nanolotra ny Politikam-panjakana Ankapobeny (PGE) ny Filoha Rajoelina, nametraka ny laharam-pahamehany eo amin'ny lafin'ny fahazoana angovo, fahasalamana, fambolena, fananganana indostria ary fizahan-tany. Vonona ny hanohana tanteraka ny governemanta malagasy ny orinasa frantsay hanatanteraka ireo tanjona mikendry avo ireo.
Miverina indray ny fivoaran'ny harin-karena , ary ny kajy mivaingana dia dia hihaotra ny 5% ny fitomboana amin'ny taona 2019 sy 2020. Ity fitsidihan'ny MEDEF International dia ahafahana mifanakalo hevitra amin'ny manampahefana momba ny fandaharan'asa fanavaozana hanamafisana ny maha-firenena mahaliana an'I Madagasikara sy ny fifandraisana ara-toekarena eo amin'ny firenena roa tonta.

***

Ny MEDEF no fikambanan'ny mpampiasa goavana indrindra ao Frantsa , manana mpikambana miisa 173 000 izay misolo tena mpiasa 10 tapitrisa izy . Amin'ny maha mpiara-miombon'antoka ara-tsosialy azy, ny MEDEF no rafitra hifandinihan'ny fanjakana frantsay voalohany indrindra rehefa hamaritra sy hametraka fepetra ara-tsosialy sy toekarena ny fanjakana.

Niforona tamin'ny taona 1989 ny MEDEF International, ny anjara asany dia ny hisolo tena ny MEDEF manerantany ara-roa lafy ary hanamafy ny toeran'ny orinasa frantsay eo amin'ny sehatra iraisampirenena amin'ny alàlan'ny hetsika iombonana, indrindra amin'ireo firenena misondrotra sy an-dalam-pandrosoana ./.